

# Fisaintsainana momba ny Fiainanan'ny Fanahy



Fiofanana Ruhi





Boky 1

# Fisaintsainana momba ny Fiainanan'ny Fanahy

Fiofanana Ruhi

Livres de la série**:**

Vous trouverez ci-dessous les titres actuels de la série conçue par l'Institut Ruhi. Les livres sont destinés à être utilisé comme séquence principale de cours dans un effort systématique pour renforcer la capacité des jeunes et des adultes à servir leurs communautés. L'Institut Ruhi développe également un ensemble de cours qui partent du troisième livre de la série pour la formation des maîtres de classe des enfants bahá'ís, ainsi qu'un autre ensemble du livre 5 pour élever des animateurs de groupes de pré-jeunes. Ceux-ci sont également indiqués dans la liste ci-dessous. Ça devrait être a noté que la liste peut subir des modifications à mesure que l'expérience dans le domaine progresse et que des titres ajoutés au fur et à mesure qu'un certain nombre d'éléments curriculaires en cours de développement atteignent le stade où ils peuvent être élaborés largement disponible.

| | |
|---|---|
| Livre 1 | Réflexions sur la vie de *l'Esprit* |
| *Livre 2* | *Se lever pour servir* |
| *Livre 3* | *Enseigner les classes pour enfants, 1re année* |
| | *Enseignement aux classes pour enfants, 2e année (cours de branche)* |
| | *Enseignement aux classes pour enfants, 3e année (cours de branche)* |
| | *Enseignement aux classes pour enfants, 4e année (cours de branche)* |
| *Livre 4* | *Les manifestations jumelles* |
| *Livre 5* | *Libérer les pouvoirs des pré-jeunes* |
| | *Impulsion initiale: le premier cours de branche du livre 5* |
| | *Elargissement du cercle: le deuxième cours de branche du livre 5* |
| *Livre 6* | *Enseigner la cause* |
| *Livre 7* | *Marcher ensemble sur un chemin de service* |
| *Livre 8* | *Le Pacte de Bahá'u'lláh* |
| *Livre 9* | *Gagner une perspective historique* |
| *Livre 10* | *Bâtir des communautés dynamiques* |
| *Livre 11* | *Moyens matériels* |
| *Livre 12* | *(à paraître)* |
| *Livre 13* | *S'engager dans l'action sociale* |
| *Livre 14* | *(à paraître)* |

Copyright © 2020 par la Fondation Ruhi, Colombie
Tous les droits sont réservés. Edition 4.1.2.PE.PV (traduction provisoire) publiée en septembre 2020

Publié à l'origine en espagnol sous le titre *Reflexiones sobre la vida del espíritu*
Copyright © 1987, 1995, 2008, 2020 par la Fondation Ruhi, Colombie
ISBN 978-958-59880-3-3

Institut Ruhi
Cali, Colombie
Courriel: instituto@ruhi.org
Site Web: www.ruhi.org

# Fizahan-takelaka

Fisainana vitsivitsy ho an'ny Mpanamora . v

Fahazoana ny Soratra bahá'í ...................... 1

Ny Vavaka ................................................ 15

Ny Fiainana sy ny fahafatesana ............... 31

# Fisainana vitsivitsy ho an'ny Mpanamora

Ny isan'ireo toerana izay nianatra ny *Fisaintsainana momba ny Fiainan'ny Fanahy*, izay boky voalohany amin'ny andian-desona fototra atolotry ny Rafi-piofanana Ruhi manerantany dia eo am-pitomboana hatrany efa an-taonany maro izao. Ao amin'ny ankamaroan'ireo tranga, ny boky dia novakiana sy noresadresahan'ny andiana namana, izay mety mandrafitra faribolam-pianarana iray izay mihaona tsy tapaka, mety mivondrona mandritra ny fotoam-mpampielezana arindra ho fianarana mahery vaika, na koa mety mihaona mandritra ny filasiana rehefa fialantsasatra amin'ny taom-pianarana. Na inona na inona tranga, ny iray amin'ireo mpikambana ao amin'ny andiany dia manompo amin'ny maha-mpanamora. Ny fifandraisana eo amin'ny mpanamora sy ireo mpandray anjara hafa dia tsy toy ny an'ny mpampianatra sy mpianatra; ny rehetra dia mirotsaka amim-pahatongavan-tsaina ao anaty rindran-damina izay samy mikatsaka ny hianatra avokoa ny tsirairay avy. Kanefa ny mpanamora dia tsy hoe mpanentana tsy manana firaiketana ka manaraka fotsiny ary tsy mandray andraikitra amin'ny resadresaka. Rehefa nahavita ireo boky ilaina sy ampy ao amin'ny andian-deson'ny lalam-piofanana izy ary nanatanteraka ireo asam-panompoana maromaro ampirisihana ao anatin'izany, dia afaka manampy ny mpikamabana tsirairay ao amin'ny andiany mba hanatratra ny tanjona kendren'ny fitaovana izay ianarana. Ireo izay manompo ho toy ny mpanamora ny Boky 1 dia mety hahita fa manampy ny famerenana tsindraindray ireo hevitra izay atolotra ato amin'ity fampidirana ity.

Ireo mpandray anjara maneran-tany izay mianatra ity lesona voalohan'ny lalam-piofanana ity dia avy amin'ny fihaviana samihafa. Ny sasany dia efa mpikambana ao amin'ny vondrona Bahá'í izay manantena ny hanatsara ny fahaizamanaon'izy ireo hanompo ny Finoana izay nekeny. Ny hafa dia hahita ny lesona ho toy ny fiatombohan'ny fikarohan'izy ireo ny Finoana Bahá'í amin'ny maha-Fivavahana azy. Ny hafa koa dia mety voasarik'ireo idealy Bahá'í ary maniry ny hampahafantatra ny tenany ireo tanjona sy ezaka ataon'ny vondrona. Ary singanina manokana, misy ireo tanora mihamitombo isa hatrany, izay manampaniriana ny hampivelatra ny fahaizamanaon'izy ireo hanompo ny fiarahamonina, matetika amin'ny alalan'ny fandaharanasa iray na iray hafa izay ampiroboroboin'ny vondrona Bahá'i, ka mandray ity lesona ity ho toy ny dingana fototra.

Hatreny am-piandohany dia tokony hazava tsara amin'ny mpandray anjara tsirairay avy fa ireo leson'ny Lalam-piofanana Ruhi dia manoritra lalam-panompoana ho an'ny zanak'olombelona izay diavin'ny tsirairay amintsika amin'ny gadona sy halakiny izay samy manana ny azy, manotrona sy mahazo fanotronana avy amin'ny hafa. Ny fizorana amin'io lalana io dia midika fikatsahana tanjona ara-moraly mandray roa: misahana ny fitomboana ara-panahy sy ara-tsainan'ny tsirairay ary mandray anjara amin'ny fanovana ny fiarahamonina. Ny fivoarana eo amin'izany lalana izany dia miteraka ny fampivelarana fahaizamanao maromaro izay mitaky fahazoana sy fahalalana, toetra ara-panahy, ary fitondran-tena mendri-piderana. Ireo loharanom-pahalalana izay hanovozan'ireo bokin'ny Lala-piofanana dia amin'ny lafiny iray ireo fampianaran'ny Finoana Bahá'í ary amin'ny lafiny iray hafa avy amin'ny traikefa miavosa voangon'ny vondrona bahá'í maneran-tany amin'ny fampiroboroboana ny sivilizasionina ara-materialy sy ara-panahy. Izany no fahitan'i Bahá'u'lláh ny atao hoe olona izay afaka hahatongavantsika, ary ny sivilazasionina izay afaka haorintsika izay aigam-panahy manentana ny Lalam-piofanana. Heverina fa ireo mpandray anjara rehetra, na inona na inona nihaviany dia misokatra ny handray ity vina ity izay miharihary tokoa ao amin'ny fizarana lehibe tsirairay avin'ny boky tsirairay avy.

Eo amin'ny tontolo izay ahitana fa ireo fanekem-pinoana sy firehan-kevitra dia vonona ny hampiasa ny fomba rehetra mba hahazoana mpikambana, ny olona iray izay tsy mbola mahafantatra tsara ny Finoana dia mety hanana fanontaniana mitombona mikasika ireo fikasan'ny Rafi-piofanana Ruhi, « Angatahana ny hiova finoana ve aho? » na « Angatahana hiditra amin'ny fivavahana iray ve aho ? » Ny fanontaniana toy ireo dia manolotra tranga fanararaotra ho an'ny mpanamora mba hanazavana ny tanjon'ny andian-desona araka ny voasoritsoritra etsy ambony. Na dia mandeha ho azy aza fa manam-paniriana tokoa ireo Bahá'i ny hahita ireo namany hiaraka amin'ny vondrona, ny mpanamora dia afaka manampy fa ny fampianaran'izy ireo dia mandrara tanteraka amin'ny firotsahana manao izay hampiova finoana olona iray. Ny fandehanana eo amin'ny lalan'ny fanompoana izay sokafan'ireo leson'ny lalam-piofanana dia miantso ny fahazoana lalina kokoa hatrany ireo fampianaran'i Bahá'u'lláh izay hiezahan'ireo fitaovana haroso tsy am-pisalasalana; ny fanekena sy ny finoana dia raharaha izay natao hodinihan'ny olona tsirairay amim-pahalalahana sy tsy misy fanerena.

Tsy mahagaga noho izany, fa amin'ny alalan'ny fahazoana, izay tena ivo fototra ho an'ireo boky andian-desona rehetra no miatomboka ity voalohany indrindra ity. Ny mamaky avy amin'ny Soratra Masina dia tsy mitovy amin'ny famakiana pejy an'arivony maro izay hitan'ny olona iray mandritra ny fiainany, ary ny fizarana lehibe « Fahazoana ny Soratra Bahá'i » dia mikaroka ny hampiroborobo ny fahazarana mamaky andalana avy amin'ny Lahatsoratra Masina isan'andro ary misaintsaina lalina ny dikany, fahazarana izay hanampy be tokoa ireo mpandray anjara raha vantany vao mirotsaka eo amin'ny lalam-panompoana izy ireo. Mba hitarihana azy ireo amin'izany fianarana izany, ny mpanamora dia tsy maintsy manome fisaintsainana betsaka tokoa ho an'ny resaka fahazoana.

Ireo Soratra Bahá'í dia mirakitra fahamarinana ara-panahy lalina, ary na dia miezaka mafy aza isika ny handroso ao amin'ny fahazoantsika ny dikany tsy manam-petra, fantantsika fa tsy ho tody mandrakizay hatramin'ny farany voafaritra isika. Amin'ny ankapobeny isika dia mahazo fahazoana fototra ny dikan'ny andalana mivantana avy hatrany raha vao mamaky izany vao voalohany, ary ny Fizarana 1 ao amin'ny fizarana lehibe dia mandray izany ho toy ny teboka hanombohana. Arak'izany, rehefa avy mamaky ny andalan-tsoratra, "Ny fanatsarana an'izao tontolo izao dia afaka ho tanteraka amin'ny alalan'ny 'zavatra atao' tsara sy madio, amin'ny alalan'ny fitondran-tena mendri-piderana sy mifanaraka amin'ny tokony ho izy", anontaniana fotsiny ireo mpandray anjara hoe, "Amin'ny fomba ahoana no hanatanterahana ny fanatsarana an'izao tontolo izao?" Raha jerena indray mipi-maso, ny ankamaroan'ireo fanontaniana sy fanazarana mitovy amin'izany dia sahala amin'ny hoe tsotra loatra. Kanefa ny traikefa aman-taonany dia toa manamarina ny fanapahan-kevitrin'ny Lalam-piofanana hanomboka amin'izany fomba izany. Isika rehetra dia mila fampatsiahivana fa, ao amin'ny hahamehany saina hahita ireo sosona fahamarinana maro ao amina andalana iray, ny saina dia tsy tokony hanao tsirambina ny dikany miharihary. Ny fifantohana amin'io dingana voalohan'ny fahazoana io ihany koa dia voaporofo fa tena ilaina ho an'ny fifanakalozan-kevitry ny andiany; manamafy ny firaisan-tsaina izy, izay mora tratrarina rehefa avela ho hazavain'ny fahendren'Andriamanitra ny hevitry ny teny manokana.

Zava-dehibe ny manamarika eto fa ny fahazoana ny dikan'ireo ankamaroan'ny andalana mivantana dia tsy hahita tombony avy amina resadresaka lava mikasika ireo teny mitokana ivelan'ny sahan-kevitra misy azy. Na dia efa voalaza aza izay, mety ho ilaina ihany, tsindraindray, ho an'ny andiany iray ny hikaroka ny dikan'ny teny ao amin'ny rakibolana. Na izany aza, ny mety hahazoam-bokatra kokoa dia ny fianaran'ireo mpandray anjara misintona ny dikan'ireo teny avy amin'ilay fehezanteny na andalana manontolo.

Mba ahafahan'ny fahazoana miitatra mihoatra ny sehan-kevitra mivantana, ireo ohatra dia tena manampy tokoa rehefa ahafahana mamosaka amin'ny fomba azo tsapain-tanana ireo hevitra. Ny hany ilaina amin'izany sehatra izany dia fanazarana mahitsy. Ao amin'ny Fizarana

2, ohatra, angatahana ireo mpandray anjara hamaritra, rehefa nohazavan'ny andalana izay vao novakian'izy ireo, raha toa ka mendri-piderana ireo fitondran-tena sasantsasany. Amin'ny fanazarana mitovy amin'izany ao amin'ny Fizarana 4, amporisihana izy ireo hilaza toetra ara-panahy tsara dimy ary avy eo hilaza raha toa ka azo atao ny mahazo ny iray amin'izy ireo raha toa ka tsy misy ny fahamarinana – voasoritra ao amin'ny Soratra ho toy ny "fototrin'ny hatsaram-panahy rehetra eo amin'olombelona".

Mba hanatanterahana ny tanjony, io fizarana lehibe io dia mitaky fandrosoana lavidavitra kokoa eo amin'ny fahazoana amin'ny alalan'ny fanomezana fanamby ny mpandray anjara hieritreritra ny sasany amin'ireo fiantraikan'ireo andalana izay efa naseho. Ao amin'ny Fizarana 2, angatahana izy ireo hamaritra raha toa ka marina ny filazana hoe "Vitsy loatra ireo olona tsara eto amin'izao tontolo izao ka tsy misy vokany ny zavatra ataon'izy ireo". Ny tiana hahatongavana eto dia tsy ny fanehoan-kevitra fotsiny ihany. Ny mpanamora dia mila miato aloha ary manontany ny anton'ny valitenin'ireo mpandray anjara. Tsy maitsy ho diso izany fanambarana izany satria izany dia mifanohitra amin'ny andalan-tsoratra voalohany tao amin'ny fizarana farany teo aloha, no fehin-kevitra hahatongavan'ny andiany. Ny fanontaniana raha toa ka mahazo mikofesy ireo fahotany amin'ny hafa ireo Bahá'í dia ohatra fanazarana mitovy karazana amin'izany. Izany dia mampiseho ny fandraràna ao amin'ny fampianarana ny mikofesy ho toy ny fomba fanadiovana ireo fahotana, izany dia afaka tsoahina avy amin'ny fanadihadiana ny hevitry ny andininy hoe "Manaova fandinihan-tena isan'andro alohan'ny hiantsoana anao amin'ny fitsarana." eny fa na dia tsy voalaza mivantana sy miharihary ao amin'ireo andalana nianarana aza izany.

Ireo fanazarana ao amin'ity fizarana lehibe ity dia tsy manandrana mihitsy ny handrakotra ny dikany maro isan-karazany raiketin'ireo andalana izay dinihana. Ny fanontaniana iray izay tsy maintsy dinihan'ny mpanamora tsirairay avy lalina tokoa dia ny hoe hatraiza no tokony handehanan'ireo resadresaka amina fanazarana iray omena. Eto dia zava-dehibe ny mihazona ao an-tsaina fa ny fanitarana ny fandraisana fehin-kevitra farany amin'ny alalan'ny fampidirana lohahevitra maro mifandray kanefa miodidina ivelany fotsiny dia mampihena ny fahombiazan'ny fitaovana. Ny andiany tsirairay dia mila mametraka ny gadona sy ny hafaingan'ny fivoarana mifanaraka amin'ny tokony ho izy; ireo mpandray anjara dia tokony hahatsapa amin'ny fomba miavaka sy mazava fa izy ireo dia mandroso miandalana sy tsy tapaka mifanaraka amin'izay fahafan'izy ireo manokana. Na izany aza, ny mpanamora dia tokony, ho mailo hatrany, fandrao dia nolalovana haingana sy voasafo ivelany fotsiny ireo fizarana, tsy nisy fandalinana feno fisaintsainana ireo fanazarana; ireo andiany izay nanao toa izany, mionona amin'ny famenoana fotsiny ireo valiteny, dia tsy nahatratra vokatra maharitra mihitsy.

Teboka iray farany mendrika ho resahana dia ny fiantohan'ireo mpanamora fa ny mpikambana tsirairain'ny andiany dia mahatsiaro fa mirotsaka amin'ny fanovozana izay hamafisin'ireo fitaovana. Mba hanairana ny fandraisana anjara tsy misy fanerena ny tsirairay hiteny dia fanamby matetika. Inona no tokony ho tanteraka hatreny ampanombohana fa io fanamby io tsindraindray dia hita amin'ny fametrahana fanontaniana tahaka ny hoe "inona ny dikan'izany aminao?", ny fanontaniana sahala amin'io dia miteraka fihenan'ny fahalalana sy ny fahamarinana amin'ny ahavon'ny dingan'ny hevitra. Ary io avy eo no manaporofo ny fahasarotan'ny fanorenana rivo-pifandraisana anatin'ny fifanakalozan-kevitra eo amin'ireo mpikamban'ny andiany ankehitriny ary mampidina ny fahazahona.

Ny fizarana lehibe faharoa anatin'ity boky ity dia mahakasika, toy ny fizarana lehibe voalohany, amin'ny fahazarana manan-danja amin'ny fiainan'ny fanahy mba hivavaka tsy tapaka. Izy dia iomazava eo amin'ny fanokafana ny fizaranany fotokevitry ny "lalam-panompoana" izay manoso-kevitra fa, mandeha amin'io lalana io, isika dia tsy maintsy mamokatra miaraka amin'ny tanjona roa ara-moraly. Ireo mpandray anjara dia manadihady

ireo andalan-tsoratra fototra izay manome azy endrika ao amin'ny natioran'io tanjona io, lohahevitra izay ho ho velababelarina anatin'ireo lesona ho avy.

Anatin'ny sehatra hiasan'io lohahevitra ny fizarana lehibe io no mandray ny fitrandrahana ny dikan'ny vavaka. Izany dia mampisy ny fanantonana mitovy amin'ilay nofaritana tamin'ny andalana teo aloha. Ireo fanonataniana sy ny fanazarana dia narafitra noho izany mba hampitomboana ny bfahazahoana ireo dikan'ny andalan-teny avy amin'ny Soratra izay nianarana. Rehefa mandroso amin'ny fizarana lehibe ny andiany, ny mpanamora dia angatahana hanala ireo fisalasalana avy amin'ny fandinihana ireo fahalalana mifototra amin'ny fandikana sy ireo fampiharana tany aloha. Tamin'ireo fombafomba sasantsasany, ny fombafomba sy ny endrika izay overshadowed hatrany ny mahazava-dehibe ny toetra anaty, ary maro ireo izay tsy miraharaha ny filàna vavaka, izay hoan'ny fanahin'ny olona dia zava-dehibe nohon'ny sakafo izay hamelomana ny vatana.

Ambon'ireo rehetra ireo, ity fizarana lehibe ity dia manaitra ao amin'ireo mpandray anjara hy faniriana mba "hiresaka amin'Andriamanitra" ary koa ho tonga eo anatrehany. Amin'ireo hevitra voalaza ireo dia ny dikan'ny hoe fidirana anatin'ny toe-bavaka, ny toetran'ny fontsika sy ny saintsika amin'ny fanaovana azy, ary koa ny fepetra izay tokony ho foronintsika amin'ireo izay manodidina antsika, na isika itrery na eo am-pivoriana. Mazava ho azy, aorian'ny fanomezana fisainana vitsivitsy amin'ny hery teraka avy amin'ny fiderana iombonana, ireo mpandray anjara dia nangataka amin'ny faminavinana hampian-trano fivoriana ho an'ny vavaka sy fitiavam-bavaka.

Ny fianarana ny fizarana lehibe fahatelon'ity boky ity, "Fiainana sy fahafatesana", dia hanamafy, antenaina izany, ny firotsahan-tena amin'ny fandehanana amin'ny lalam-panompoana ary hanome izany miaraka amin'ny fahazahoana lalina. Ny fanompoana eto amin'ity tontolo ity dia fahazahoana tsara indrindra ao anatin'ny tranga fenon'ny ny fiainana, izay mihapatra mihoatra ny fisiantsika eto an-tany ary hitohy mandrakizay rehefa mivoatra mankany amin'ireo tontolon'Andriamanitra. Ao antin'ny lamin'ny fanabeazana, izay mifanohitra amin'ny fanofanana ara-teknika, ireo mpandray anjara dia tokony ho lasa miha tonga saina hatrany hatrany amin'ny dika sy ny hevitr'izay ataony. Rehefe mitombo ny fahatongavan-tsaina, ireo traikefa dia maneho, ho hitan'izy ireo amin'ny tenany ihany fa mavitrika izy, tompon'andraikitra amin'ny "fananany" ny fanovozany.

Ny fizarana lehibe tsirairay dia manomboka amin'ny andalana iray hatramin'ny telo avy amin'ireo Soratra Masina Bahá'í, arahana fanazarana fohy. Ny teny ao amin'ireo andalana amin'ity fizarana ity dia "exigent" kokoa noho ireo teo aloha. Tsy ilaina mazava hoazy ho an'ny andiany ny mandinika lalina ireo teny sarotra ireo; ny mpanamora no miantoka fa ny tsirairay dia mahazo ny ivon-kevitra izay tian'ny fizarana tsirairay ampita, izay ezahan'ireo fanazarana mazava hoazy avoitra.

Manome ny natioran'ny lohevitra ireo fanazarana ary mampiditra ohatra azo tsapain-tanana tsy mahazatra. Ny akamaroany dia "traitE d'operer un niveau de conceptuel. Tokony atao an-tsaina fa ny akamaroan'ny fanotaniana apetraky ny fanazarana dia tsy valina avy hatrany na amin'ny fomba tsotra. Izy ireo dia nampidirina mba hampiakatra ny fahatongavan-tsaina mahakasika ny lohahevitra; raha misaintsaina fotsiny momban'ny fanotaniana toy izany ireo mpandray anjara, ny tanjon'ny fampianarana dia hoa tanteraka.

Ny fizarana voalohany tsirairay dia mifantoka eo amin'ny fifandraisan'ny fanahy sy ny vatana, izay ny fitambarany no mahaforona ny zanak'olombelona eto amin'ity tany ity. Ny ivon'ny hevitra atolotra ato amin'ireto fizarana ireto dia ny tsy maha fitambarana ara-fizika ny fanahy; ny fiarahany amin'ny vatana dia toy ny hazavana miseho ao amin'ny fitaratra. Na saron'ny vovoka na tratry ny fahasimbana tampoka aza ny fitaratra dia tsy hisy fiantraikany amin'ny hatsaran'ny hazavana izany. Ny fahafatesana dia fiovana tranga fotsiny ihany, rehefa

potika ny fitambaran'ny fanahy sy ny vatana, ny fanahy dia mivotra mandrakizay makany amin'Ilay Mpahary azy avy eo.

Ny fizarana lehibe dia manodidina ny fanotaniana momban'ny tanjon'ny fiainanan---ahalala an'Andriamanitra sy ny anatratra ny fanatrehany. Ny resadresaka eto dia manodididna lohahevitra roa mivelatra. Ny iray dia ny tanjon'ny fiainatsika eto amin'ity tany ity ary ny faharoa kosa dia ny fiainan'ny fanahy aorinan'ny fahafatesana. Ny fanahy dia fambaran'Andriamanitra ary afaka mampitomaratra ireo Anarany sy ireo Toetrany rehetra. Mbola miafina ny hery ao amin'ny zanak'olombelona, izany dia afaka avoitra amin'ny alalan'ny fanampian'ireo Fanehoan'Andriamanitra irery ihany izay Voahary nohamasinina ary tonga "time to time" hitaridalana ny zanak'olombelona. Ireo harena miafina ao amintsika dia afaka hiseo amin'ny alalan'ny fanabeazana ara-panahy entin'Izy ireo.

Raha ny momba ny fiainan'ny fanahy aorinan'ny fahafatesana, hevitra maro no mivoaka avy amin'ireo mpandray anjara hieritreritra: fa ny fahatokisana an'Andriamanitra dia ho tratra amin'ny alalan'ny tena fahasambarana, fa ny ihafarana dia tsy hofantatsika ary noho izany, tokony hamela ny tsirairay isika sy tsy ahatsapa ambony noho ny hafa; fa any amin'ny tontolo ho avy, toy ny eto, ny fanahy dia mitoy mivotra ary ireo fahaizana ara-panahy nampivoarina teto dia anampy sy anotrina antsika rehefa any; fa ho fantatsika ireo olon-tiantsika any amin'ny fanjakana hoavy, ahatsiaro ireo fiainantsika eto an-tany isika ary hankafy ny fiarahana amin'ireo fanahy masina sy ireo nohamasinina.

Ny fizarana lehibe dia mifarana amin'ny andalan-tsoratra avy amin'ny Soratr'I Baha'ullah izay miantoka antsika ny tombony amin'ny tontolo hoavy ary mamporisika tsy hamela ireo fiovana sy ireo vintan'ity fiainana ity hiteraka halaelo eo amintsika. Ireo mpandray anjara dia angatahana andinika ireo fiantraikan'ireo nianarany eo amin'ireo fiainany manokana.



# Fahazoana ny Soratra Bahá’í

Tanjona

Mba hanamafisana ny fahazarana mamaky andalana
avy amin’ny Soratra Masina isan’andro
ary misaintsaina mikasika ny dikany.

## **FIZARANA** 1

Ny tanjon'ity fizarana lehibe ity dia ny hanampy anao amin'ny fampivelarana sy ny fanamafisana ny fahazarana mamaky andalana avy amin'ny Soratra Masina isan'andro ary misaintsaina mikasika ny dikany. Ny fizarana lehibe dia miatomboka amin'ny fanazarana tsotsotra izay mangataka anao ny hamaky fehezanteny iray, fanambrana avy amin'ny Soratra ary avy eo dia mamaly fanontaniana izay ny valiny dia avy ao amin'ilay fanambarana ihany. Na dia mora aza ny fanatontosana izany, ny fanazarana dia hanampy anao hisaintsaina mikasika ny dikan'ny fanambanarana voalaza ary hitadidy tsianjery azy ireo.

> **"Ny fanatsarana an'izao tontolo izao dia afaka tanterahana amin'ny alalan'ny 'zavatra atao' tsara sy madio, amin'ny alalan'ny fitondran-tena mendri-piderana sy mifanaraka amin'ny tokony ho izy."** [1]

1. Ahoana no afaka hanatanterahana ny fanatsarana an'izao tontolo izao? ____________

______________________________________________________________________

______________________________________________________________________

> **"Mitandrema, ô ry vahoakan'i Bahá, aoka ianareo tsy handeha amin'ny lalan'ireo izay manao zavatra tsy mifanaraka amin'ny teny lazainy."**[2]

2. Ny lalan'iza no tsy tokony halehantsika? ____________________________________

______________________________________________________________________

______________________________________________________________________

> **"Ry taranaky ny fisiana! Manaova fandinihan-tena isan'andro alohan'ny hiantsoana anao ho amin'ny fitsarana…"**[3]

3. Inona no tokony ataontsika alohan'ny hiantsoana antsika ho amin'ny fitsarana?_____

______________________________________________________________________

______________________________________________________________________

> **"Lazao: Ry rahalahy ô, aoka ny asa no ho ravakao fa tsy ny teny."**[4]

4. Inona no tokony ho ravaka marina ho antsika?_________________________________

______________________________________________________________________

______________________________________________________________________

> **"Ny teny masina sy ny 'zavatra atao' tsara sy madio no misandratra eny amin'ny Lanitry ny Voninahitr'Andriamanitra."**[5]

5. Maninona ny teny sy ny 'zavatra atao' tsara sy madio?_________________________

______________________________________________________________________

______________________________________________________________________

## FIZARANA 2

Eto ambany dia misy fanazarana maromaro mifandraika amin'ny andalan-tsoratra izay vao novakianao. Izy ireo dia natao mba hanampy anao handinika lavidavitra kokoa ny dikan'ilay andalan-tsoratra ao amin'ny andianao ka tsy tokony atao ara-pomba mekanika (mecaniquement). Rehefa misy fahasarotana kosa anefa ireo fanazarana, ny mpanamoran'ny andianao dia hanampy anao hitrandraka azy lalindalina kokoa.

1. Rehefa "mendri-piderana" ny zavatra iray dia midika zavatra izay mendrika fiderana izany. Inona amin'ireto manaraka ireto no mendri-piderana?

   ______ Mpiasa mahafatrapo

   ______ Manaja ny hafa

   ______ Mazoto mianatra

   ______ Mpandainga

   ______ Kamo

   ______ Manompo ny hafa

2. Inona no hevitrin'ny fehezan-teny hoe « alohan'ny hiantsoana anao ho amin'ny fitsarana» ?______________________________________________

3. Iza amin'ireto filazana manaraka ireto no marina?

   _____ Vitsy loatra ny olona tsara eto amin'izao tontolo izao ka tsy misy vokany ny zavatra ataon'izy ireo.

   _____ Marina ny zavatra iray rehefa mifanaraka amin'ny hevitrin'ny olona hafa.

   _____ Marina ny zavatra iray rehefa mifanaraka amin'ny fampianaran' Andriamanitra.

4. Iza amin'ireto manaraka ireto no 'zavatra atao' tsara sy madio:

   _____ Mikarakara sy mampianatra ireo ankizy

   _____ Mangalatra

   ______ Mivavaka ho an'ny fivoaran'ny hafa

   ______ Mandainga kely mba hitsoahana ny olana

   ______ Manampy ny hafa sady miandry valisoa

5. Iza amin'ireto tranga manaraka ireto no tsy mifanaraka amin'ny teny lazain'ny olona iray ny zavatra ataony?

_____ Olona iray izay mamerimberina fa tokony hiray hina ny rehetra kanefa mitondra tena amin'ny fomba izay mamorona ady.

_____ Olona iray izay miandrandra ny mahasarobidy ny fiainana madio kanefa manao firaisana ara-nofo ivelan'ny fanambadiana.

_____ Olona misotro alikaola tsindraindray no sady manaiky ny manaraka fivavahana ara-pinoana izay mandrara ny fisotroana.

_____ Olona izay miady ho an'ny miralentan'ny lehilahy sy ny vehivavy kanefa amin'ny maha mpampiasa azy dia manakarama ny vehivavy ambany kokoa noho ny lehilahy ho an'ny asa izay mitovy.

6. Afaka mikonfesy amin'ny olona hafa ve ny Bahá'í iray? ________________________

7. Inona no tokony ataony fa tsy mi-konfesy? ________________________________

________________________________________________________________

8. Inona ny dikan'ny hoe: "Ny Lanitrin'ny Voninahitr'Andriamanitra"? ______________

________________________________________________________________

9. Inona no vokatr'ireo asa ratsy eo amin'izao tontolo izao? _______________________

________________________________________________________________

10. Inona no vokatr'ireo asa ratsy eo amin'ireo izay manao azy? ___________________

________________________________________________________________

## FIZARANA 3

Izao dia vakio ary saintsaino ireto andalan-tsoratra avy amin'ny Soratra manaraka ireto ; Avy eo dia ezaho ianarana tsianjery.

**"Ny fahamarinana no fototrin'ny hatsaram-panahin'olombelona rehetra."**[6]

1. Inona no fototrin'ny hatsaram-panahin'ny olombelona rehetra? _________________

________________________________________________________________

**"Raha tsy misy ny fahamarinana, ny fivoarana sy ny fahombiazan'ny fanahy, eo amin'ireo tontolon'Andriamanitra rehetra, dia tsy ho tanteraka mihitsy."**[7]

2. Inona no tsy ho tanteraka raha tsy misy ny fahamarinana?

________________________________________________________________

**“Hatsarao amin'ny fahamarinana ny lelanareo, ry vahoaka ô, ary haingoy amin’ny ravaky ny fahitsiana ny fanahinareo.”[8]**

3. Tokony hatsaraintsika amin'ny inona ny lelantsika? ____________________________

______________________________________________________________________________

4. Tokony hohaingontsika amin'ny inona ny fanahintsika? _________________________

______________________________________________________________________________

**“Aoka ny masonareo ho maotina, ny tananareo ho mahatoky, ny lelanareo ho marina ary ny fonareo hazava.”[9]**

5. Tokony ho ahoana ny masontsika? _________________ny tanantsika? ____________ ny lelantsika? ___________________________ ny fontsika? _______________________

**“Ireo izay mitoetra eo amin’ny taberinakelin’Andriamanitra, ary mipetraka eo amin’ireo sezam-boninahitra tsy misy fetra, dia handà, na dia maty mosary aza, haninjitra ny tanany sy haka amin’ny tsy ara-dalàna ny fananan’ireo mpifanolo-bodirindrina aminy, eny na dia olon-dratsy sy tsy mendrika aza izy.”[10]**

6. Inona no ho lavintsika tsy hatao na dia maty mosary aza isika?

______________________________________________________________________________

## FIZARANA 4

Voamarikao angamba tao amin’ny fizarana 2 fa, ny sasany amin’ireo fanazarana dia mitaky valiny tena izy. Amin’ny tranga toa izany, raha misy fisalasalana momba ny valin-teny, ny mpanamoran’ny andianao dia afaka manampy anao sy ireo mpandray anjara namanao hanatratra firaisankinam-pisainana. Ho an’ny fanazarana hafa dia manan-danja ny fifanakalozan-kevitra ary tsy misy valiny manokana andrasana. Amin’ireto manaraka ireto, dia ny fanazarana 3 dia amin’ ilay karazany voalohany raha toa ny fanazarana 6 dia ny karazany faharoa.

1. Ny fahamarinana no fototrin’ny hatsaram-panahin’olombelona rehetra. Milazà hatsaram-panahy dimy: _____________________________________________________

______________________________________________________________________________

______________________________________________________________________________

2. Afaka mahazo ireo hatsaram-panahy ireo ve isika raha tsy misy ny fahamarinana?____

3. Iza amin’ireto filazana manaraka ireto no marina?

_____ Mety ho marina ny olona iray na dia mandainga aza.

_____ Ny olona mangalatra dia manana tànana mahatoky.

_____ Ny tànana mahatoky dia tsy mandray na oviana na oviana izay tsy azy.

_____ Mamaky boky sy gazety misy fahavetavetana dia mifanohitra amin'ny torohevitr'i Bahá'u'lláh hanana maso maotina.

_____ Ny fahamarinana dia midika hoe tsy mandainga.

_____ Ny fahitsiana dia ravakin'ny fanahy.

_____ Ny olona iray izay tsy marina dia afaka handroso ara-panahy.

_____ Tsara ny mandainga etsy sy eroa.

_____ Mangalatra dia ekena eo anatrehan'Andriamanitra raha toa ka noana.

_____ Tsy mangalatra ny maka zavatr'olona tsy miera raha mieritreritra ny hamerina izany ianao ao aoriana kely.

_____ Rehefa manao asa amim-pahintsiana isika no sady mahatoky sy marina dia voazava ny fontsika.

_____ Tsy hiety mihitsy ny manao varotra mahomby raha tsy misy fitapitaka kely

4. Mety mitranga ve ny mandainga amin'ny tena? ________________________________

5. Inona no very amintsika raha mandainga isika? _____________________________

_________________________________________________________________________

6. Ho toy inona izao tontolo izao raha marina sy mahitsy isika rehetra? ______________

_________________________________________________________________________

_________________________________________________________________________

_________________________________________________________________________

## FIZARANA 5

Vakio ny andalantsoratra manaraka ary andramo ny mianatra azy ireo tsinjery. Mianatra tsianjery andalana avy amin'ny Soratra dia mitondra vokatsoa lehibe, ary tokony manao ezaka isika hanao izany. Tsy ny rehetra mazava ho azy no afaka mitadidy andalantsoratra mora foana. Ny manao ezaka noho izany dia manampy antsika hampiraikitra ireo hevitra ao am-pontsika sy ny eritrerintsika ary haneho azy ireo amin'ny teny mifanakaiky indrindra amin'ny lahatsoratra niaingana.

**"Ny lela feno halemem-panahy dia vato misarika ho an'ny fon'ny olona. Io no sakafon'ny fanahy, manome dikany ireo teny izy, ary loharano ipoiran'ny fahazavan'ny fahendrena sy ny fahalalana ....."**[11]

1. Ahoana no amaritana ny lela feno halemem-panahy? ___________________________

_________________________________________________________________________

_________________________________________________________________________

_________________________________________________________________________

2. Inona no fiantraikan'ny lela feno halemem-panahy amin'ireo teny? _______________

_____________________________________________________________________________

**"O ianareo malalan'ny Tompo! Ato amin'ity Fanehoana masina ity, ny ady sy ny fifandirana dia tsy ekena mihitsy. Ny mpiantsy ady rehetra dia misakana ny tenany tsy hahazo ny fahasoavan'Andriamanitra**."[12]

3. Arak'io andalana io, inona no tsy ekena amin'ity Fanehoana ity? ________________

_____________________________________________________________________________

4. Inona no ataon'ny mpiantsy ady amin'ny tenany? _____________________________

_____________________________________________________________________________

**"Tsy misy, na inona na inona, amin'izao Andro izao, handratra mafy ity Finoana ity mihoatra ny tsy fifanarahana sy ny ady, ny fifandirana, ny fihatakatahana sy ny tsy fifampiraharahana, eo amin'ireo tian'Andriamanitra."**[13]

5. Inona ireo antony izay mandratra mafy ity Finoan'Andriamanitra ity? ____________

_____________________________________________________________________________

_____________________________________________________________________________

**"Aoka tsy hionona amin'ny fanehoana finamanana amin'ny teny fotsiny, aoka ny fonareo hiredareda fitiavana ho an'izay rehetra mifanena aminareo eny amin'ny làlanareo."**[14]

6. Karazam-pinamanana toa inona no tokony tsy ahafapo antsika? __________________

_____________________________________________________________________________

7. Inona no tokony hiredareda ao am-pontsika? ___________________________________

_____________________________________________________________________________

**« Raha tonga ny fisainana ady, tohero amin'ny fisainana fandriampahalemana mafonja izany. Ny fisainana fankahalàna dia tokony ho ravana amin'ny fisainana fitiavana mahery vaika kokoa. »**[15]

8. Inona no tokony hanoherantsika ny fisainana ady? _____________________________

_____________________________________________________________________________

9. Inona no tokony handravana ny fisainana fankahalàna? _________________________

_____________________________________________________________________________

# FIZARANA 6

Miaraka amin'ireo andalantsoratra teo ambony izay mby ao an-tsaina dia ataovy ireto fanazarana manaraka ireto :

1. Ny "vato misarika" dia teny iray ilazana ny andriamby. Amin'ny fomba ahoana no hiasan'ny lela feno halemem-panahy ho toy ny vato misarika? ____________________

____________________________________________________________________________

2. Iza amin'ireto filazana manaraka ireto no avy amin'ny lela feno halemem-panahy?

______ "Aza manelingelina ahy!"

______ "Nahoana no tsy azonao izany?"

______ "Azonao atao ve ny miandry kely azafady?"

______ "Mahatsiravina izany raha zaza!"

______ "Misaotra, tena tsara fanahy ianao!"

______ "Tsy manam-potoana mihitsy aho izao. Sahirana aho"

3. Iza amin'ireto tranga manaraka ireto no mampiseho ady sy fifandirana?

______ Olona roa mampiseho hevitra tsy mitovy mandritry ny fifanakalozan-kevitra.

______ Olona roa lasa tezitra ary mifanditra mandritry ny fifanakalozan-kevitra.

______ Olona roa tsy tonga manatrika fivoriam-bavaka isan-kerinandro satria tsy mifanaraka tsara izy ireo.

______ Mpikamban'ny ekipa mpiara-miasa amin'ny drafitr'asa iray mitaraina foana, samy milaza ny tsirairay hoe ny sasany dia tsy manao ny tandrifin'izy ireo.

4. Iza amin'ireto tranga ireto no mampiseho endrika fihatakatahana?

______ Namana roa izay mifanena eny an-dalana kanefa tsy mijery ny iray hafa.

______ Olona iray izay tonga manatrika fivoriam-bavaka ary miarahaba azy amim-kafanampo ny rehetra.

______ Na dia mampiseho fahalalam-pomba eo amin'ny tsirairay aza izy ireo, mpikambana roa ao main'ny andiany iray dia tsy mazoto handray anjara miaraka amin'ny drafitr'asa iray.

5. Manapaha hevitra raha toa ka marina ireto filazana manaraka ireto:

______ Ny olona iray dia tokony hilaza mazava tsara hoe ahoana ny fiheveran'ny olona iray ny hafa; tsy maninona na dia tafitohina aza ny fon'izy ireo.

______ Tsara ny milaza lainga mba tsy isian'ny fifandirana.

______ Ny fifandirana dia azo hioarana am-pitiavana sy hatsaram-panahy.

_____ Misy fiantraikany kokoa ny teny rehefa lazaintsika am-pitiavana.

_____ Mety ny miady amin'olona raha izy no manomboka azy.

_____ Manana zo hiteny masiaka amin'ny hafa rehefa marary na malahelo.

______ Tsy feno halemem-panahy ny mihomehy ny hafa rehefa manao fahadisoana izy.

_____ Raha misy lolom-po eo amin'olon-droa mpinamana, tokony samy hanao ezaka manokana izy roa ireo hifanantona.

_____ Raha misy lolom-po eo amin'ny olona roa, ny tsirairay dia tokony hiandry mandra-panaon'ny iray ezaka hanantona.

______ Na dia mampiseho fahalalam-pomba eo amin'ny tsirairay aza izy ireo, mpikambana roa ao main'ny andiany iray dia tsy mazoto handray anjara miaraka amin'ny drafitr'asa iray.

## FIZARANA 7

Vakio ireo andalantsoratra eto ambany ary ianaro tsianjery izy ireo.

**"… ny fifosana… dia mamono ny fahazavan'ny fo, sady manempotra ny aim-panahy."**[16]

**"Aza miteny ny fahotan'ny hafa, raha mbola mpanota ihany koa ianao."**[17]

**"Aza miteny ny ratsy mba tsy hahenoanao ny fitenenana izany aminao, ary aza manitatra ny fahadisoan'ny hafa mba tsy hisehoan'ny fahadisoanao ho lehibe ....."**[18]

**"Ry taranaky ny fisiana! Ahoana no hahafahanao manadino ny kileman'ny tenanao, ka hisahananao ny an'ny hafa? Izay manao toa izany dia hozoniko."**[19]

1. Inona no vokatra aterakin'ny fifosana eo amin'ny olona izay mifosa?_______________

   ________________________________________________________________________

2. Inona no tokony hahatonga saina antsika alohan'ny hieritreretantsika ny fahotan'ny hafa? ________________________________________________________________

   ________________________________________________________________________

3. Inona no hanjo antsika raha manitatra ny fahadisoan'ny hafa isika? ________________

   ________________________________________________________________________

4. Inona no tokony ho tsaroantsika rehefa mieritreritra ny fahadisoan'ny hafa isika? ____

   ________________________________________________________________________

## FIZARANA 8

Miaraka amin'ireo andalantsoratra teo ambony izay mby ao an-tsaina dia ataovy ireto fanazarana manaraka ireto:

1. Inona no hanjo ny fivoaram-panahin'ny olona izay mifantoka amin'ny fahadisoan'ny hafa? ________________________________________________________________

2. Inona no vokatry ny fifosana ao amin'ny vondrona? ____________________________

____________________________________________________________

3. Inona no ataonao rehefa misy namana iray manomboka miresaka ny fahadisoan'ny olon-kafa? _________________________________________________________________________________________________________________________________________________

4. Manapaha hevitra raha to aka marina ireto filazana manaraka ireto:

______ Raha miresaka mikasika ny tena fahadisoan'olona isika, dia tsy mifosa azy.

______ Raha miresaka ny toetra tsaran'olona iray isika, no sady miresaka ny kilemany dia tsy mifosa.

______ Ny fifosana dia nanjary fahazarana ao anatin'ny fiarahamonintsika, ary isika dia tokony mampivoatra fitsipika hialana amin'io.

______ Raha mianiana amintsika izay mihaino antsika fa tsy hitantara izay holazaintsika mikasika olona iray, dia tsy hatahorana hanana voka-dratsy ny fifosana.

______ Ny fifosana dia iray amin'ireo fahavalon'ny firaisan-kina lehibe indrindra.

______ Raha manome vahana ny fahazarana miresaka momba ny olon-kafa tsy ankiato isika, dia tandindonin-doza ho voatarika amin'ny fifosana.

______ Rehefa ifanakalozan-kevitra ao anaty Antenimiera ara-Panahy Lokaly ny fahafaha-manaon'ny olona isan-karazany mba hanendrena azy ireo ho mpikamban'ny komity; izany dia fifosana.

______ Raha tonga ao amintsika ny faniriana te hifosa, dia tokony hieritreritra ny fahadisoantsika isika.

______ Raha fantantsika fa misy olona manao zavatra hanakorontana ny Finoana dia tokony hodinihantsika miaraka amin'ny mpikambana ao amin'ny vondrona izany.

______ Raha fantantsika fa misy olona manao zavatra hanakorontana ny Finoana dia tokony hampandre ny Antenimiera ara-panahy lokaly isika.

______ Tsy ratsy ho an'ny mpivady ny miresaka ny fahadisoan'olon-kafa satria tsy tokony hifanafina na inona na inona izy ireo.

# FIZARANA 9

Ny tanjon'ity fizarana lehibe ity, araka ny efa nolazaina tany am-boalohany dia ny hanampiana ireo mpandray anjara amin'ny ezak'izy ireo hampivelatra sy hanamafy ny fahazarana mamaky andalantsoratra avy amin'ny Soratra Masina isan'andro ary misaintsaina ny dikan'izy ireo. Ny mamaky ireo Tenin'Andriamanitra isa-maraina sy hariva dia

fampianaran'i Bahá'u'lláh izay mampisy ny fivoarantsika ara-panahy. Ny andalantsoratra manaraka dia mampatsiahy antsika ny fahasoavana raisintsika avy amin'ny fanatanterahana ity adidy ity ary ianao dia ampirisihana ny hianatra azy ity tsianjery :

> **"Miroboa ianareo ao amin'ny ranomasimbe ny Teniko, mba hahafahanareo mamboraka ny tsiambaratelony; ary hahita ireo perlan'ny fahendrena rehetra izay mitoetra miafina ao amin'ny alaliny"**[20]

Rehefa nahavita ity fizarana lehibe ity, mety hanam-paniriana ianao ny hahazo boky misy ny Sorat'i Bahá'u'lláhh ary hamaky avy amin'izany isan'andro. Ny Teny Miafina dia safidy voalohany tsara tokoa.

**IREO BOKY NAKANA IREO SORATRA**


1. Bahá'u'lláh, notsongaina tao amin'ny *Une vie chaste et sainte* (Bruxelles : Maison d'éditions Bahá'ies, 1989) n° 46, p. 21.
2. *Extraits des Ecrits de Bahá'u'lláh* (Bruxelles : Maison d'éditions Bahá'ies,1990), CXXXIX, p. 200.
3. Bahá'u'lláh, *Les Paroles Cachées* (Bruxelles : Maison d'éditions Bahá'ies,1990), Première partie, n° 31, p. 26.
4. Ibid, Deuxième partie, n° 5, p. 52.
5. Ibid, Deuxième partie, n° 69, p. 96.
6. 'Abdu'l-Bahá, notsongaina tao amin'ny *L'honnêteté : Une vertu Bahá'ie cardinale* (Bruxelles : Maison d'éditions Bahá'ies, 1987), p.18.
7. Ibid., p.18.
8. *Extraits des Ecrits de Bahá'u'lláh*, CXXXVI, p. 195.
9. Bahá'u'lláh, notsongaina tao amin'ny Shoghi Effendi, *l'avènement de la justice divine* (Bruxelles : Maison d'éditions Bahá'ies, 1973), p. 37.
10. Bahá'u'lláh, notsongaina tao amin'ny *L'honnêteté : Une vertu Bahá'i cardinale*, p.13.
11. *Extraits des Ecrits de Bahá'u'lláh*, CXXXII, p. 190.
12. *Le Testament d''Abdu'l-Bahá* (Bruxelles : Maison d'éditions Bahá'ies, 1984), p. 29.
13. *Extraits des Ecrits de Bahá'u'lláh*, V, p. 8.
14. 'Abdu'l-Bahá, notsongaina tao amin'ny *L'Art divin de vivre* (Bruxelles : Maison d'éditions Bahá'ies, 1984), p. 201.
15. Ibid., p. 192.
16. *Extraits des Ecrits de Bahá'u'lláh*, CXXV, p. 174.
17. Bahá'u'lláh, *Les Paroles Cachées*, première partie, n° 27, p. 24.
18. Ibid., deuxième partie, n° 44, p. 80.
19. Ibid., première partie, n° 26, p. 23.



# Ny Vavaka

## Tanjona

Misaintsaina ny dikan'ny vavaka ary
manamafy ny fahazarana mivavaka tsy tapaka

## FIZARANA 1

Ny leson'ny lalam-piofanana Ruhi dia natao mba hanampy ireo mpandray anjara handeha eo amin'ny lalan'ny fanompoana. Isika dia mandeha eo amin'izany lalana izany voatosiky ny tanjona roa – ny hitombo ara-panahy sy ara-tsaina ary ny fandraisana anjara amin'ny fanatsarana ny fiaraha-monina. Ireo lafiny roan'ny tanjontsika ireo dia tsy afa-misaraka. Mamporisika antsika i Bάaha'u'llah ao amina andalana iray:

> **"Aza sondriana amin'ny fanahianareo manokana; aoka ny eritreritrareo hifantoka amin'izay hanorina indray ny ho haren'ny zanak'olombelona sy hanamasina ny fo amam-panahin'ny olona."[1]**

Ao amina andalana hafa, nazavainy fa:

> **"… ny antony izay nahatonga ny olona mety maty, avy amin'ny tsy fisiana tanteraka, niditra tao amin'ny fanjakan'ny fisiana, di any ahafahan'izy ireo miasa ho amin'ny fanatsarana izao tontolo izao sy miaina miaraka amim-pifanarahana sy firindrana."[2]**

Mifandray amin'ny fepetrantsika anaty, nanambara Izy:

> **"Ny fo madio dia toy ny fitaratra; diovy izy amin'ny alalan'ny fahazavan'ny fitiavana sy ny fisarahana amin'ny rehetra afa-tsy amin'Andriamanitra, mba hamiratan'ny masoandro marina avy ao sy hiposahan'ny maraina mangirandratsy mandrakizay."[3]**

Ary milaza amintsika i 'Abdu'l-Bahá hoe:

> **"Ny fonareo dia tokony hadio ary ny fikasanareo ho sincere mba hahatonga anareo ho lasa mpandray ireo fanomezana masina."[4]**

1. Inona ny tokony hifantohan'ireo eritrerintsika sy ireo fanahiantsika?_______________

   _______________________________________________________________________

   _______________________________________________________________________

2. Ho amin'ny tanjona inona no nidirantsika avy tamin'ny tsy fisiana tanteraka ho ao amin'ny fanjakan'ny fisiana?_______________________________________

   _______________________________________________________________________

   _______________________________________________________________________

3. Amin'ny inona no tokony hanadiovantsika ny fitaratrin'ny fontsika?_______________

   _______________________________________________________________________

   _______________________________________________________________________

4. Inona no sasantsasany amin'ireo fepetra izay misarika ny fanomezana masina?______

   _______________________________________________________________________

   _______________________________________________________________________

5. Misy marina ve ireto manaraka ireto?

- Tokony hikarakara ny tenanao aloha ianao, ary avy eo hikarakara ireo hafa.
- Raha manampy ireo hafa foana ianao, hiafara amin'ny fahaverezan'ny/tsy fahitanao ny tanjonao manokana izany.
- Ianao no namanao akaiky indrindra.
- Ny tena zava-dehibe dia ny fahitana izay mahafaly anao.
- Araho ireo nofinao, ary izy ireo no hitondra anao ho amin'ny fahasambarana.
- Rehefa tsy mandratra na iza na iza ianao, tsy maninona izay ataonao.
- Azo ekena ny antony manosika anao ho tia tena, raha mbola manao zavatra tsara ianao.

## FIZARANA 2

Faharesen-dahatra fototra ny amin'ny tanjona roa ara-moralintsika dia ny hoe isika rehetra dia noforonina mendrika. Hoy i Bahá'u'lláh:

> **"Ry Taranaky ny Fanahy! Nohariako nanankarena ianao, nahoana no mivarilavo amin'ny fahantrana? Nataoko olo-mendrika ianao, inona no mahatonga anao hanaratsy tena? Nomeko fiainana ianao avy amin'ny loharanom-pahalalana, nahoana ianao no mitady ny fahazavana eny amin'ny hafa tsy Izaho? Novolavolaiko tamin'ny tanimangam-pitiavana ianao, inona no itadiavanao ikarakarana ny hafa fa tsy Izaho? Atodiho eny aminao ny fijerinao fa ho hitanao Aho mijoro ao aminao, mahery, matanjaka ary tsy manam-piovana mandrakizay."[5]**

Ny famenoina ny banga amin'ny eto ambany dia hanampy anareo hisaintsaina an'io andalana io.

"Ry Taranaky ny Fanahy! Nohariako _______________ ianao, nahoana no ______________________ amin'ny________________? ___________________olo-_________________ ianao, inona no mahatonga anao _______________________? Nomeko ____________________ ianao avy amin'ny ______________________ __________, nahoana ianao no ________________ ny ____________________eny amin'ny hafa tsy_______________? _____________________ tamin'ny tanimangam-_______________ ianao, inona no itadiavanao ___________________ ny _______________ fa tsy Izaho? Atodiho eny ___________________ ny _____________________ fa ho hitanao ________________ mijoro ao aminao, ___________________, __________________ary ________________________".

Mba hijanona azo itokisana ny fanahintsika, isika dia tokony hitodika any amin'ny Loharanon'ny fisiantsika ary hikaroka ny fahazavana avy aminy. Iray amin'ireo fomba tena

mahomby hahatratrarana izany dia main'ny alalan'ny vavaka. Shoghi Effendi, mpiambina ny Finoana, dia milaza amintsika fa ny tanjona voalohany dia "ny fampivelarana ny tsirairay sy ny fiarahamonina, amin'ny alalan'ny fahazahoana ireo hatsarana sy ireo hery ara-panahy. Ny fanahinny olombelona no tokony omena sakafo voalohany. Ary ny sakafom-panahy di any vavaka no afaka manome tsara indrindra izany".6

## FIZARANA 3

Andriamanitra no ilay Mahalala ny zavatra rehetra, ilay Hendry indrindra. Noforoniny isika ary fantany ny ao am-pontsika sy ny tsara ho antsika. Tsy mil any vavaka ataontsika Izy. Nohi izany, nahoana no tokony hivavaka isika?

Hoy i 'Abdu'l-Bahá:

> **"Ao anatin'ny vavaka mendrika indrindra, ny olona dia mivavaka noho ny fitiavana an'Andriamantra, fa tsy noho ny fahatahorany Azy na ny afobe, na koa noho ny fanantenana ireo fahasoavana na ny paradisa… Rehefa raiki-pitia amin'olona iray hafa ny olona iray, tsy vitany mihitsy ny tsy hanonona ny anaran'ilay tiany fatratra. Moa tsy mbola sarotra lavitra noho izany ny tsy hanonona ny Anaran'Andriamanitra rehefa raiki-pitia Aminy… Ny olona ara-panahy dia tsy mahita fahasambarana ankoatry ny fahatsiarovana an'Andriamanitra."**[7]

Ary, ho valin'ny fangatahana iray, nanazava izy :

> **"Raha tia ny namany ny olona iray, moa ve tsy voajanahary raha maniry ny hilaza izany izy? Ary, na dia fantany tsara aza fa mahalala ny fitiavany azy io namany io, moa ve tsy mbola maniry ny hanamafy izany aminy foana Izy? Marina fa mahafantatra ny fanirian'ny fo rehetra Andriamanitra, kanefa ny hery manosika hivavaka dia voajanahary, mitroatra avy amin'ny fitiavan'ny olombelona an'Andriamanitra."**[8]

1. Fenoy ny fehezanteny manaraka :

   a. Ao anatin'ny vavaka ______________________, ny olona dia ________________ noho ny ____________________ an' ______________ ________, fa tsy noho ny fahatahorany Azy na ny __________________, na koa noho ny fanantenana ireo _______________ na ny ________________________.

   b. Rehefa ____________________ amin'olona iray hafa ny olona iray, _____________________ ny tsy hanonona ny _________________' ilay __________________. Moa tsy mbola _______________ lavitra noho izany ny tsy _________________ ny Anaran'______________________ rehefa ___________________ Aminy.

   c. Ny olona ara-panahy dia _______________________________ ankoatry ny _____________________________ an'Andriamanitra.

2. Nahoana isika no mivavaka? ______________________________

______________________________

3. Inona ny dikan'ny fehezanteny hoe "fahatsiarovana an'Andriamanitra"?

______________________________

______________________________

4. Inona no tena faniriana indrindra ho an'ny olona iray tia olona iray hafa? __________

______________________________

5. Avy aiza ny hery manosika hivavaka? ______________________________

______________________________

## FIZARANA 4

Ao amin'ny vavaka nambaran' I Bahá'u'lláh, mamaky isika :

**"Miangavy Anao aho… aoka ity vavako ity hataonao afo afaka handevona ireo voaly izay mampisaraka ahy tamin'ny Hatsaran-tarehinao, ary fahazavana izay hitarika ny diako ho any amin'ny ranomasim-ben'ny Fanatrehanao."[9]**

Mangataka amin'Andriamanitra isika ao amin'izany vavaka izany ihany :

**"Aoka izao fivavako izao, ry Tompoko ô, hanjary loharano mahavelona, izay hamela ahy ho velona mandritry ny faharetan'ny Fanjakanao, sy hamela ahy hanonona Anao ao amin'ny tsirairay amin'ireo Tontolonao."[10]**

1. Amin'ny heviny ahoana no mety mahatonga ny vavaka ho toy ny afo? Inona no levoniny? ______________________________

______________________________

2. Milazà voaly sasantsasany izay mampisaraka antsika amin'Andriamanitra? _________

______________________________

______________________________

3. Mety ho toy ny hazavana ve ny vavaka? Aiza no hitarihany antsika? ______________

______________________________

______________________________

4. Mety ho toy ny loharano mahavelona ve ny vavaka? Inona no omeny ny fanahintsika?

______________________________

______________________________

______________________________

## FIZARANA 5

Vakio ary saintsaino ny tenin'I Abdu'l-Bahá manaraka ireto:

**"Tsy misy zavatra mamy, ao amin'ny tontolon'ny fisiana, mihoatra noho ny vavaka. Ny toetra tena voatahy indrindra dia ny toe-bavaka sy fitalahoana. Ny vavaka dia firesahana amin'Andriamanitra. Ny fanatanterahana lehibe indrindra na ny toetra tena mamy indrindra dia tsy inona akory fa ny firesahana amin'Andriamanitra. Izy no mahatonga ny fananam-panahy, manaitra ny feon'ny fieritreretana sy ny fihetsem-po mendrika ny lanitra, miteraka fisarihana vaovao ho amin'ny Fanjakana ary manaitra ny fahiratan'ny saina ambony indrindra."[11]**

1. Inona no toetra mamy indrindra eto amin'ny tontolon'ny fisiana? ________________

   ______________________________________________________________________

2. Inona ny dikan'ny fehezanteny hoe "toe-bavaka"? ____________________________

   ______________________________________________________________________

   ______________________________________________________________________

3. Milaza hatsarana sasantsany foronin'ny vavaka : ________________________________

   ______________________________________________________________________

   ______________________________________________________________________

4. Avereno jerena ireo andalana izay nianaranareo tao amin'ireo fizarana vitsivitsy ary manorata fehezanteny dimy mikasikan'ny natioran'ny vavaka.

   - Ny vavaka dia ______________________________________________
   - Ny vavaka dia ______________________________________________
   - Ny vavaka dia ______________________________________________
   - Ny vavaka dia ______________________________________________
   - Ny vavaka dia ______________________________________________

## FIZARANA 6

Vakio ireo tenin'I Bahá'u'lláh manaraka ary saintsaino izany:

**"Venteso, ry mpanompoko ô, tahaka ny hiventesan'ireo izay eo akaikin' Andriamanitra ankehitriny, ireo tenin'Andriamanitra izay noraisinao avy Aminy, mba hampiredareda ny fanahinao avy amin'ny halefaky ny feon-kiranao ihany, ka hahatonga anao hahasarika ny fon'ny olona rehetra. Fa na iza na iza manonona, ao amin'ny efitranony mangina, ny teny izay nambaran' Andriamanitra, ireo anjelin'ilay Mahery indrindra miparitaka manerana an'izao tontolo izao dia hanaparitaka eny rehetra eny ny hanitr'ireo teny tononon'ny vavany, ka hampangitangitaka ny fon'ny olo-marina rehetra. Mety tsy**

**hahatsapa ny vokatr'izany avy hatrany aloha izy ireo, nefa na ho ela na ho haingana dia tsy maintsy hisy fiantraikany amin'ny fanahin'izy ireo izany. Izany no misiterin'ny Fanambaran'Andriamanitra izay nalahatrin'ny Hatsaran'ny Sitrapony, ilay Loharanon'ny hery sy ny fahendrena."**[12]

1. Inona ny dikan'ny teny hoe "venteso"? ____________________

____________________

2. Ahoana no tokony hiventesantsika ireo tenin'Andriamanitra? ____________________

____________________

____________________

____________________

3. Inona ny dikan'ny teny hoe "manonona"? ____________________

____________________

4. Inona ny dikan'ny teny hoe "manaparitaka"?____________________

____________________

5. Inona ny fiantraikan'ny halefakin'ny feonkirantsika amin'ny fanahintsika manokana?

____________________

____________________

6. Inona ny fiantraikan'ny halefakin'ny feonkirantsika eo amin'ny fon'ny hafa?

____________________

____________________

## FIZARANA 7

Mety maniry ny hitadidy tsianjery ireo andalana roa manaraka avy amin'ny vavaka izay nambaran'i Bahá'u'lláh ianareo:

**"Andriamanitra ô, ry Andriamanitro! Aza mihevitra ireo fanantenako na izay ataoko, fa kosa ny Sitraponao izay mandrakotra ny lanitra sy ny tany. Noho ny Anaranao Lehibe Indrindra, Ô Ianao Tompon'ny firenena rehetra! tsy maniry afa-tsy izay irinao aho, ary tsy tia afa-tsy izay tianao."**[13]

**"Avo loatra Ianao, ka na ny fideran'ireo izay akaiky Anao aza tsy hisandratra hatreny amin'ny lanitrin'ny Fanatrehanao ary na ireo domohinan'ny fon'ireo izay nanokan-tena ho Anao aza dia tsy ho tody eo antokonam-baravaranao. Vavolombelona aho fa nohamasinina mihoatra ny fahatsarana rehetra Ianao, ary ho masina mihoatra ny Anarana rehetra. Tsy misy Andriamamitra afa-tsy Ianao, Ilay Avo Indrindra, Ilay be Voninahitra."**[14]

## FIZARANA 8

Hoy i 'Abdu'l-Bahá:

> **"Tokony hivavaka sy hikaroka ny fanatrehana avy amin'Andriamanitra ny mpanompony, ary mitalaho sy miangavy ny fanmpiany. Toy izany ny laharam-panompoana, ary ny Tompo dia handidy izay Tiany, mifanaraka amin'ny fahendreny."[15]**

Ary nanazava Izy:

> **"Manana fiantraika ny fanahy; misy vokany ara-panahy ny vavaka. Noho izany, mivavaka isika hoe: « Andriamanitra ô! Sitrano ity marary ity ! » Angamba hamaly izany Andriamanitra. Mampaninona moa na iza na iza no mivavaka? Andriamanitra dia mamaly ny vavaky ny mpanompo rehetra raha maika izany vavaka izany. Tsy manam-petra ary tsy manam-pahataperana ny Famindram-pony. Mamaly ny vavaky ny mpanompony rehetra Izy. Mamaly ny vavak'ity zavamaniry ity Izy. Izany vavaka izany dia mety hoe: "Andriamanitra ô ! Androtsahy orana aho!" Mamaly an'ilay vavaka Andriamanitra, ary mitombo ilay zava-maniry. Hamaly na iza na iza Andriamanitra."[16]**

Voajanahary ao amin'ireo vavakantsika fa isika dia hangataka an'Andriamanitra mba hamaly ireo filantsika. Noho izany mivavaka hoan'ny fahasalamantsika isika sy ho an'ny fahasalaman'ireo tiantsika, mivavaka isika ho amin'ny fivoarana ara-panahy sy ara-materialin'ireo fianankaviantsika, ary mivavaka ho amin'ny fitarihana isika. Mangataka hery isika, finoana, ary fanamafisana eo amin'ny lalan'ny fanompoana. Amin'ny fivavahana amin'Andriamanitra, tokony isika, mivavaka ho azy, hahatsiaro fa ny tanjontsika amin'ny fiainana dia ny mampifanitsy ny faniriantsika amin'ny Faniriany. Noho izany, tokony hivavaka isika mba ho tanteraka ny Faniriany ary ho vonona ny hanaiky izany. Raha mitadidy tsianjery ireo tenin'I 'Abdu'l-Bahá manaraka ireto ianareo, izy ireo dia ho toy ny loharanon'ny hafaliana sy nhy fanomezan-toky ho anareo amin'ny fotoana rehetra:

> **"O ianao izay mampitodika ny endrikao eny amin'Andriamanitra! Akimpio ny masonao amin'ireo zavatra hafa rehetra ary sokafy mankeny amin'ny fanjakan' ilay tena Be Voninahitra. Angataho Aminy irery ihany izay irinao; tadiavo Aminy irery izay tadiavinao. Indray topy maso, manome Izy fampanantenana tsy hay tanisaina, indray topy maso, manasitrana Izy aretina maro tsy ahitam-panafody, indray mijery, manisy Izy fanalam-panaintainana isaky ny ratra, amin'ny fijery mihelina iray mamaha ny fo amin'ny fatoran'ny alahelo Izy. Manatanteraka izay tiany Izy ary inona no azontsika atao amin'izany? Mampiseho ireo Sitrapony Izy, mandidy izay tiany Izy. Koa noho izany, ho anao, tsaratsara kokoa ny miondrika ary mametraka ny fitokianao ao amin'Ilay Tompo tena onena olona."[17]**

## FIZARANA 9

Avy amin'ireo rehetra nianarantsika hatreto, mazava fa ny fitodihana amin' Andriamanitra amin'ireo vavaka dia fitakiana tena ilaina ho amin'ny fiainana ara-panahy. Mamy tokoa ny mivavaka amin'Andriamanitra vao avy mifoha maraina sy ny alina mialohan'ny atoriana. Ny fotoana lanintsika ivavahana isan'andro ary ireo vavaka tononintsika dia miankina aminireo filantsika sy ny hetahetam-panahintsika. Amin'ny fotoana rehetra, afaka isika misafidy avy aminny vavaka maro izay nambaran'i Bahá'u'llá, ny Bab, ary

‘Abdu’l-Bahá. Nanambara ihany koa i Bahá’u’llá, na izany aza, vavaka tsy maitsy atao telo. Hoy i Shoghi Effendi :

> **"Telo ny isan'ny "vavaka tsy maintsy atao" isan’andro. Ilay fohy indrindra dia andalan-tsoratra iray izay tokony ho tononina indray mandeha isaky ny efatra amby roa-polo ora amin’ny mitatao vovonana. Ilay vavaka salantsalany dia natao hotononina in-telo isan’andro, amin’ny maraina, amin’ny mitatao vovonana ary amin’ny hariva. Ilay vavaka lava, izay lavorary indrindra amin’izy telo, dia tokony hotononina indray mandeha isaky ny efatra amby roa-polo ora, amin’izay fotoana hahatsiarovan’ny tsirairay fironana hanao izany.**
>
> **"Ny mpino dia malalaka tanteraka hisafidy iray amin’ireo vavaka telo ireo, kanefa kosa dia tsy maintsy manonona iray amin’izy ireo, mifanaraka amin'ny fepetra manokana izay miaraka amin’izany.”[18]**

Ary manohy izy:

> **“Ireo vavaka tsy maintsy atao isan’andro ireo, ary koa ireo vavaka manokana hafa vitsivitsy, toy ny vavaka fangataham-pahasitranana sy ny takelak’i Ahmad, dia nomen’i Bahá’u’lláh hery sy dikany manokana, ka tokony ekena arak’izany ary koa hotononon’ireo mpino amim-pinoana tsy misy fanontaniana sy fahatokiana, fa amin’ny alalan’ireo, izy ireo dia afaka miditra amin’ny firaisana akaiky kokoa amin’Andriamanitra, sy mampifanaraka tanteraka ny tenany amin’ireo Lalànany sy ireo Foto-keviny."[19]**

Ireo Vavaka Tsy maintsy atao telo nambaran’i Bahá’u’llá dia tononina samirery. Ny karazana vavaka kongregasionaly izay hanononana vavaka tsy maintsy atao isan’andro amina andiany mifanaraka amina fombafomba sasantsasany dia tsy misy ao aminny Finoana Bahá’í. Ny vavaka ho an’ny Maty irery ihany no vavaka kongregasionaly voalazan’ny lalana Bahá’í. Tokony hotononina mialohan’ny fandevenana ataon’ny iray amin’ireo tonga manatrika izany, raha toa ka mijanona mitsangana mangina ny ambin’ny andiany.

1. Inona no dikan’ny teny hoe “tsy maintsy atao”? ______________________________

   ______________________________________________________________________

2. Firy ny isan’ny vavaka tsy maintsy atao isan’andro nambaran’i Bahá’u’llá? _______

   ______________________________________________________________________

3. Tokony hanonona ireo vavaka rehetra telo isanandro ve isika? __________________

4. Raha misafidy isika ny hanonona ilay Vavaka tsy maintsy atao lava, im-piry isika no tokony hanonona izany isan’andro? ________________________________________

5. Im-piry, raha misafidy ny hanonona ilay Vavaka salantsalany tsy maintsy atao isika?

   ______________________________________________________________________

6. Im-piry, raha misafidy ilay Vavaka tsy maintsy atao fohy? ______________________

7. Milazà sasantsasany amin'ireo Vavaka izay manana hery manokana : _____________
______________________________________________________________________
______________________________________________________________________

8. Ataovy tsianjery, raha mbola tsy vitanao, ny Vavaka fohy tsy maintsy atao :

> **"Vavolombelona aho Andriamanitra o, fa Ianao no namorona ahy, mba hahalala Anao sy ho tia Anao. Tsaroako amin'izao fotoana izao ny fahalemeko miolotra amin'ny herinao, sy ny fahantrako manoloana ny harenao.**
>
> **"Tsy misy Andriamanitra afa-tsy Ianao, dia Ilay miaro amin'ny loza, Ilay misy tokoa amin'ny maha Andriamanotra Azy."[20]**

9. Amin'ny inona no ijoroantsika vavolombelona ao amin'io vavaka io? _____________
______________________________________________________________________
______________________________________________________________________
______________________________________________________________________

## FIZARANA 10

Tokony hahatsiaro isika fa, ankoatra ireo fahasoavana izay voaraintsika avy amin'ny fankatoavana ny lalanan'ny vavaka tsy maintsy atao sy ny fikolokoloina azontsika avy amin'ny fanononana ireo vavaka hafa tsirairay, ny fanahintsika dia misandratra rehefa mihaino vavaka tononona mandritra ny fivoriana isika, lehibe na kely. Milaza amintsika i Bahá'u'lláh:

> **"Mivondrona miaraka ianareo miaraka amin'ny hafaliana lehibe indrindra sy finamanana ary manonona ireo teny nambaran'Ilay Tompo be famindram-po. Amin'ny fanaovana izany, ireo varavaran'ny fahalalana marina dia hisokatra amin'ireo maha izy azy anareo anaty, ary hahatsapa ianareo avy eo fa ny fanahinareo dia nohamafisin'ny fahamatorana ary ny fonareo dia ho fenon'ny hafaliana mamiratra."[21]**

Mahazo fifaliana lehibe isika rehetra amin'ny fahafantarana fa, maneran-tany, ny fivoriam-bavaka izay ny mpinamana sy mpiray vodirindrina dia tonga miaraka hifandray amin'Andriamanitra dia mitombo an'arivony. Manoratra ny Tranom-pahamarinana iraisan'izao tontolo izao hoe:

> **"Ny fivoriam-bavaka dia tranga izay azon'ny fanahy andraisana anjara, izay hahafahany mifoka ny fofomanitra masina, manandrana amin'ny hamamian'ny vavaka, ary mandinika ireo Teny Mpanorina, entin'ny elatry ny fanahy ary mifandray amin'Ilay Malala. Teraka ny fihetseham-po amin'ny fisaikazana sy ny fifampizarana raharaha iombonana, ary singanina manokana ny resadresaka ara-panahy avo lenta izay miseho ho azy amin'ny fotoana toy izany ary ahafahan'ny "tanànan'ny fon'ireo olona" afaka hisokatra".[22]**

Rehafa mahatsapa voatosika hivavaka isika, miandry fotoana kely isika mba hanadiovana ny saintsika amin'ireo zavatry ny tany. Eo am-pivavahana, mihazona ny eritreritsika mifantoka amin'Andriamanitra isika. Rehefa avy manonona vavaka isika, mijanona magina fotoana kely isika ary tsy mihetsika tampoka manao hetsika hafa. Mitovy

amin'izany ihany koa rehefa mihaino ireo vavaka atolotry ny hafa isika mandritra ny fivoriana. Amina fotoana toy izany, mihazona toe-bavaka isika ary manaraka akaiky ireo teny, toy ny hoe isika ilay manonona azy ireo.

1. Amina toe-tsaina inona no tokony hivondronantsika miaraka rehefa manonona ireo tenin'Andriamanitra isika?________________________________________
____________________________________________________________

2. Inona no ho fiantraikan'ny fivoriantsika miaraka manonona ireo tenin'Andriamanitra?
____________________________________________________________
____________________________________________________________
____________________________________________________________

3. Ny fivoriam-bavaka dia fotoana izay hahazoan'ny fanahy na iza na iza

- ____________________,
- ________________________________________________,
- ________________________________________________,
- ________________________________________________,
- ____________________________________________________________, ary
- ____________________________________________________________.

4. Fihetseham-po inona no aterakin'ny fivoriam-bavaka? __________________________
____________________________________________________________

5. Inona no fiantraikan'ny resadresaka ara-panahy avo izay miseho ho azy mandritra ny fivoriam-bavaka? ________________________________________________
____________________________________________________________

6. Manorata teny vitsivitsy mikasika ireo fihetsika manaja izay tokony hasehontsika rehefa mivavaka, na izany samirery na mandritra ny fivoriana.
____________________________________________________________
____________________________________________________________
____________________________________________________________
____________________________________________________________
____________________________________________________________
____________________________________________________________
____________________________________________________________
____________________________________________________________

## FIZARANA 11

Ny fizarana lehibe voalohan'ity boky ity dia mifantoka amin'ny fahazarana mamaku andalana avy amin'ireo Soratra isan'andro ary misaintsaina ny dikany. Nisaintsaina ianareo teto ny amin'ny dikan'ny vavaka ary nahazo, ho valiny, nanamafy ny fahazarana mivavaka isan'andro. Ny fizarana farany teo dia nitondra ny fifantohanareo ny amin'ny maha zava-dehibe ny fiderana iombonana. Izay rehetra nianaranareo hatreto dia nanomana anareo hanatanteraka, raha sitrakareo, asa voalohany eo amin'ny lalam-panompoana : mampiantrano fivoriam-bavaka.

Ho toy ny dingana voalohany, mety ho tianao ny hitadidy tsianjery vavaka maromaro ary hahita tranga hizarana azy ireo amina namana vitsivitsy. Amin'izany fotoana izany ihany, afaka miantoka ianao ny amonjy farafahakeliny fivoriam-bavaka iray ao amin'ny vondrona misy anao ary anisan'ny voaisa amin'ireo mpanohana mahafatram-po. Ary amin'ny farany, avy eo, mety hanapa-kevitra ianao ny hampiantrano fivoriam-bavaka ianao mihitsy, manasa ireo namanao, mpikambana ao amin'ny fianankaviana, ary mpifanolo-bodirindrina mba hivory tsy tapaka mba hivavaka sy ny firaisana. Tsy dia fahita ny hoe mpandray anjara roa na telon'ity lesona ity ny manomboka fivorim-bavaka toy izany miaraka.

Araka ny hazonareo sary an-tsaina, tsy misy raiki-po hoe ahoana no tokony hikarakarana fivoriam-bavaka izany. Izany anefa dia fivorian'ny mpinamana izay amin'izany dia ny vavaka no atolotra, andalana avy amin'ny Soratra dia vakiana, ary resadresaka mitondra hery no mahazo toerana – ny rehetra dia azo amina rivo-pifandraisana ara-panahy mazava. Afaka milaza teny vitsivitsy ve ianareo mikasika ny tsirairay amin'ireto hevitra manaraka ireto, eo amin'ny sehatry ny fampiantranoana fivoriam-bavaka?

Manolotra fanasana feno hafanana sy fitiavana ________________________________

________________________________________________________________________

________________________________________________________________________

________________________________________________________________________

Mamorona rivo-pifandraisana tsara ________________________________________

________________________________________________________________________

________________________________________________________________________

________________________________________________________________________

Mihazona rivo-pifandraisana feno fanajana ___________________________________

________________________________________________________________________

________________________________________________________________________

________________________________________________________________________

Mampiroborobo finamanana feno hafaliana ___________________________________

________________________________________________________________________

________________________________________________________________________

________________________________________________________________________

Mamporisika resadresaka ara-panahy mitondra hery ___________________________

_____________________________________________________________________________

_____________________________________________________________________________

_____________________________________________________________________________

## REFERENCES


1. *Gleanings from the Writings of Bahá'u'lláh* (Wilmette: Bahá'í Publishing Trust, 1983, 2017 printing), XLIII, par. 4, p. 105.

2. Bahá'u'lláh, in *Trustworthiness: A Compilation of Extracts from the Bahá'í Writings*, compiled by the Research Department of the Universal House of Justice (London: Bahá'í Publishing Trust, 1987), no. 21, p. 5.

3. *The Call of the Divine Beloved: Selected Mystical Works of Bahá'u'lláh* (Haifa: Bahá'í World Centre, 2018), no. 2.43, p. 31.

4. From a talk given on 5 May 1912, published in *The Promulgation of Universal Peace: Talks Delivered by 'Abdu'l-Bahá during His Visit to the United States and Canada in 1912* (Wilmette: Bahá'í Publishing, 2012), p. 127.

5. Bahá'u'lláh, *The Hidden Words* (Wilmette: Bahá'í Publishing Trust, 2003, 2012 printing), Arabic no. 13, pp. 6–7.

6. From a letter dated 8 December 1935 written on behalf of Shoghi Effendi, published in *Prayer and Devotional Life: A Compilation of Extracts from the Writings of Bahá'u'lláh, the Báb, and 'Abdu'l-Bahá and the Letters of Shoghi Effendi and the Universal House of Justice*, compiled by the Research Department of the Universal House of Justice (Wilmette: Bahá'í Publishing, 2019), no. 71, p. 31.

7. Words of 'Abdu'l-Bahá, cited by J. E. Esslemont, *Bahá'u'lláh and the New Era: An Introduction to the Bahá'í Faith* (Wilmette: Bahá'í Publishing, 2006, 2017 printing), p. 106.

8. Ibid.

9. Bahá'u'lláh, in *Bahá'í Prayers: A Selection of Prayers Revealed by Bahá'u'lláh, the Báb, and 'Abdu'l-Bahá* (Wilmette: Bahá'í Publishing Trust, 2002, 2017 printing), pp. 7–8.

10. Ibid., p. 9.

11. Words of 'Abdu'l-Bahá, cited in *Star of the West*, vol. 8, no. 4 (17 May 1917), p. 41.

12. *Gleanings from the Writings of Bahá'u'lláh*, CXXXVI, par. 2, p. 334; also in *Bahá'í Prayers*, p. iii.

13. Bahá'u'lláh, in *Bahá'í Prayers*, pp. 8–9.

14. Ibid., p. 12.

15. 'Abdu'l-Bahá, in *Prayer and Devotional Life*, no. 24, p. 7.

16. From a talk given by 'Abdu'l-Bahá on 5 August 1912, published in *The Promulgation of Universal Peace*, p. 345.

17. *Selections from the Writings of ‘Abdu’l-Bahá* (Wilmette: Bahá’í Publishing, 2010, 2015 printing), no. 22.1, pp. 75–76.

18. From a letter dated 10 January 1936 written on behalf of Shoghi Effendi, published in *Prayer and Devotional Life*, no. 61, p. 25.

19. From a letter dated 10 January 1936 written on behalf of Shoghi Effendi, quoted in *Bahá’í Prayers*, p. 301.

20. Bahá’u’lláh, in *Bahá’í Prayers*, p. 4.

21. Bahá’u’lláh, in *Prayer and Devotional Life*, no. 68, p. 29.

22. From a message dated 29 December 2015, published in *Framework for Action: Selected Messages of the Universal House of Justice and Supplementary Material, 2006–2016* (West Palm Beach: Palabra Publications, 2017), no. 35.49, p. 232.



# Ny Fiainana sy ny Fahafatesana

## Tanjona

Mba ahatsapana fa ny fiainana dia tsy ny fiovaovana
na ny kisendrasendra eto amin'ity tontolo ity,
fa hahita ny tena dikany eo amin'
ny fivoaran'ny fanahy

## FIZARANA 1

Ny fanahin'olombelona dia nasandratra ho ambony noho ny zavatra sy ny tontolo fizika. Tanatin'iray amin'ireo resadresaka nataony dia nanazava i 'Abdu'l-Bahá:

> **"Ireo vatana ara-materialy dia vaoarafitr'ireo atoma, rehefa manomboka misaraka sy mihapotika izy ireo dia tonga ilay atsointsika hoe fahafatesana….**
>
> **"Fa ny an'ny fanahy kosa dia tsy mitovy amin'izany. Ny fanahy dia tsy fifangaroana singa, izy dia tsy fifangaroana atoma maro be, izy dia zavatra iray tsy azo sarahina ary koa mandrakizay. Izy dia ivelan'ny lamin'ny fisiana ara-nofo tanteraka, izy dia tsy mety maty!"[1]**

1. Inona no dikan'ny hoe "fifangaroan'ny"? ____________________

2. Ny fanahin'olombelona ve fifangarona singa maro samihafa toy ny vatana? ________

3. Misy endrika ara-fizika ve ny fanahin'olombelona? ____________________

## FIZARANA 2

Ny taratasy nosoroatana tamin'ny anaran'ny Mpiambina dia milaza fa "ny fanahin'ny olona dia tonga amin'ny fisiana tamin'ny famolavolana"[2]. Tamin'ny famaliana ny fanontaniana ny mlahakasika ny dikan'ny "famolavolana", ny Tranom-pahamarinana dia nanamarika toy izao:

> **"Tsy misy mihintsy avy amin'ireo Soratra Baha'i nahitana ny famaritana mazava ara-biolojika sy ny natioran'ny fotoana manoritsoritra ny "famolavolana". Ny fampiaana io fiteny io amin'ny sehatra ara-pitsabona ihany koa dia tsy vafaritra mazava. Vokatr'izany, fahazahoana ny famolavolana iray no nifandray kisendrasendra taminina famokarana, ary hafa ihany koa fa izy io dia vokatry ny famokarana sy ny fametrahana, izany no fiatombohan'ny vohoka. Noho izany, tsy ho fantatra mihintsy hoe oviana no nanaomboka nifandray ny fanahy sy ny endrika ara-materialy no niseho, ary fanontaniana toy izany dia tsy voavahan'ny sain'olombelona mihintsy na ny fanadihadina hatrany amin'ny misiterin'ny tontolom-panahy sy ny natioran'ny fanahy izy tenany."[3]**

1. Oviana no tonga tamin'ny fisiana ny fanahin'ny olona? ____________________

   ____________________________________________

2. Ny hoe 'famolavolana' ve manoritsoritra mazava ny fotoana ara-biolojika? _____

   ____________________________________________

## FIZARANA 3

Ny fifandraisana eo amin'ny fanahy sy ny vatana dia tsy ara-nofo, ny fanahy dia tsy miditra na miala ny vatana ary tsy mitoetra amina toerana fizika. Io fifandraisany amin'ny vatana dia io dia sahala amin'ny fifandraisana misy amin'ny fahazavana amin'ny fitaratra izay mampitomaratra io fahazavana io indray. Ny fahazavana izay miseho eo amin'ilay fitaratra dia tsy ao anatin'ilay fitaratra akory fa avy amin'ny fototra avy any ivelany izay nihaviany. Dia toy izany koa, ny fanahy dia tsy ao anatin'ny vatan'olombelona. Toy izay nambaran'i 'Abdul'-Bahá hoe,

> **"ny fanahy mahatakatra, na ny fanahin'olona, dia tsy nisy tamin'ny alalan'ny vatana, tsy niditra tao ihany koa izy, satria ny fiverenana, ny fidirana dia mahakasika manokana ny vatana, ary ny fanahy mahatakatra dia nohamasinina ho ambony noho izany. Izy dia tsy niditra mihintsy na oviana na oviana tao amin'ny vatana, ary koa, aorian'ny fandaozany azy, dia tsy mila fitoerana izy. Tsia, ny fifandraisana eo amin'ny fanahy sy ny vatana dia mitovy amin'ny fifandraisana eo amin'ny hazavana sy ny fitaratra. Raha toa ny fitaratra ka madio sy tonga lafatra, ny taratry ny hazavana dia hiseho ao aminy, ary raha toa izy ka simba na feno vovoka, ny hazavana dia tsy hiseho."**[4]

1. Fenoy ny banga amin'ny fehezanteny eto ambany.

   a. Ny fanahy mahatakatra, na ny________________________________, dia tsy nisy tamin'ny alalan'ny vatana, _____________________tao ihany koa.

   b. Ny ___________________________na ny fanahin'olombelona, dia tsy niditra tanatin'ny vatana, satria ny fiverenana, ny fidirana dia ____________________, ary ny fanahy mahatakatra dia ____________________ ________________.

   c. Ny fanahy dia ________________________________na oviana na oviana tao ___________ary koa, aorian'ny fandaozany azy, dia ____________________ _________________.

   d. Ny fifandraisana eo amin'ny fanahy sy ny vatana dia mitovy amin'ny fifandraisana eo _____________________________________________________.

   e. Raha toa ny fitaratra ka madio sy tonga lafatra,______________________________ dia hiseho ao aminy.

   f. Raha toa izy ka simba na feno vovoka, _____________________________________ __________.

2. Avy amin'ireo vao nianarantsika teo ambony hatramin'izao, manapaha hevitra raha marina ny filazana manaraka eto ambany.

   ______ Ny fanahy dia tsy ilain'ny tontolo ara-fizika.

   ______ Ny fanahy dia ao anaty vatana.

   ______ Ny vatana no tompon'ny fanahy.

______ Tonga amin'ny fisiana ny olombelona iray rehefa mitambatra amin'ny tsimok'aina ao am-bohoka ny fanahy.

______ Manomboka ny fiainana rehefa teraka eto amin'ity tontolo ity ny olona iray.

______ Ny fisiana ara-fizika ny olona iray dia mitohy aorian'ny fahafatesana.

______ Ny fiainana dia ireo zava-miseho amintsika isan'andro.

______ Ny fanahy dia tsy ilain'ny tontolo ara-fizika

3. Amin'ny fampiasana ny sary an'ohatra ny fahazavana sy ny fitaratra, fariparito ny fifandraisana misy eo amin'ny fanahy sy ny vatana: ____________________________

________________________________________________________________________

________________________________________________________________________

________________________________________________________________________

________________________________________________________________________

## FIZARANA 4

Misy fifandraisana hafa kely eo amin'ny fanahy sy ny vatana, ireo mitambatra no mahaforona ny olombelona iray. Io fifandraisana io dia maharitra mandritry ny fiainan'ny olombelona eto an-tany ihany. Rehefa tapitra io fiainana io dia samy miverina amin'ny niandohany avy ny tsirairay amin'izy ireo. Ny vatana miverina amin'ny tanim-bovoka ary ny fanahy kosa any amin'ny tontolom-panahin'Andriamanitra, izay hitohizan'ny fivoarany. Milaza i 'Abdu'l-Bahá:

> **"Nanana fiandohana ny fanahy saingy tsy manam-piafarana: maharitra mandrakizay izy."[5]**

Tamin'iray amin'ireo resadresaka nataony, nanazava Izy fa:

> **"Ny fanahy dia tsy mila ny vatana, fa ny vatana dia mila ny fanahy raha tsy zany dia tsy afaka miaina izy. Ny fanahy dia afaka miaina tsy misy ny vatana saingy ny vatana dia tsy dia tsy afaka miaina tsya misy fanahy."[6]**

Ary ny Mpiambina dia nanazava:

> **"Ny amin'ny fanahin'ny olona: arakin'ny fampianarana baha'i dia miara-manomboka amin'ny fiforonanan'ny tsimokaina izy ary mitohy mivoatra ary koa mandalo amin'ny dingam-pisiana tsy manam-pahataperana aorian'ny fisarahany amin'ny vatana. Tsy manam-pihafarana ny fivoarany noho izany."[7]**

1. Avy amin'ny andalanteny eo ambony io, valio ireto fanontaniana manaraka ireto:

   a. Mila ny fanahy ve ny vatana? ________________________________

   b. Mila ny vatana ve ny fanahy? ________________________________

c. Inona no zava-mitranga amin'ny fifandraisan'ny vatana sy ny fanahy rehefa maty isika? ______________________________________________

d. Inona no mitranga amin'ny fanahy aorian'ny fahafatesana? ______________________

______________________________________________________________

e. Mandram-pahoviana no hitohizan'ny fivoaran'ny fanahy? ____________________

______________________________________________________________

f. Rahoviana no tapitra ny fiainana? __________________________________

______________________________________________________________

2. Manapaha hevitra amin'ireto filzana manaraka ireto, iza amin'izy ireo no mifanaraka amin'izay nianarantsika tamin'ireo fizarana teo aloha.

______ Ny fahafatesana dia sazy.

______ Ny fifandraisana eo amin'ny vatana sy ny fanahy lasts the span ny fiainan'ny mety maty ihany.

______ Ny vatana dia afaka mivoatra mandrakizay.

______ Ny fanahy dia mivoatra mandrakizay.

______ Ny fahafatesana no fiafaran'ny fiainana.

______ Hisy ny androm-pitsarana rehefa hitsanagana avy amin'ny fahafatesana ny vatantsika.

______ Amin'ny fahafatesana, ny fanahy dia hanana fahalalahana kokoa nohon'ny teo aloha.

______ Ny fiainana dia mifarana miaraka amin'ny fahafatesana.

______ Tokony atahotra ny fahafatesana isika.

______ Ny sakafo, akanjo, fialantsasatra, fakandrivotra dia ilain'ny fanahy.

______ Lasa reraka ny fanahy rehefa mampiasa ny heriny loatra ny vatana.

______ Tsymisy fiatraikany amin'ny fanahy ny tsy fahasalamana sy ny fahalemen'ny vatana.

______ Ny olombelona dia mbola hanana ireo endriny ara-fizika aorian'ny fahafatesana.

## FIZARANA 5

Hitantsika fa ny fanahy dia tsy mitazona toerana ara-nofo ary tsy miasa arakin'ny lalàn'ny natiora, toy izay ataon'ny endrika ara-materialy. Ny fanahy dia miasa amin'ny fisarihana eo amin'ny tontolo amin'ny alalan'ny ratsan'ny vatana, saingy tsy izay fotsiny ihany no mahadika ny fampiasan'ny fanahy ny heriny. Nanambara i Bahá'u'lláh fa:

> **"Milaza marina tokoa Aho, ny fanahin'ny olona dia nasandratra ambonin'ny fisandratana sy ny fitotongana rehetra, izy dia tsy mihetsika, ary koa misidina; mihetsiketsika izy, ary izy koa dia tsy mihetsika."**[8]

Ary 'Abdu'l-Bahá dia milaza amintsika:

**"Fantaro fa ny fisarihana sy ny fahatsapan'ny fanahin'ny olombelona dia misy karazany roa; izany dia, ny fananan'ny fanahin'ny olombelona fomba fiasa roa sy fahazahoana roa. Ny fomba iray dia avy amin'ny alalan'ny fitaovampanelanelanana ara-batana sy ireo taova. Ireo izay hitan'ny maso, ren'ny sofina, lazain'ny lela…**

**"Ny fomba iray hafan'ny fisariahan'ny fanahy sy ny asany dia tsy misy ireo fitaovana ara-batana sy ireo taova ireo"**[9]

1. Fenoy ny banga amin'ireto fehezanteny manaraka ireto:

   a. Ny fanahin'olombelona dia nasandratra ambonin'ny ___________________ sy ny _________________ rehetra.

   b. Izy dia _________________ ary koa ___________________.

   c. Izy dia _________________ ary koa ___________________.

2. Soritsorito ireo fomba roa izay ahatsapan'ny fanahy sy hiasan'ny fisarihany eto amin'izao tontolo izao: ______________________________________________________
________________________________________________________________________
________________________________________________________________________
________________________________________________________________________

3. Afaka manome ohatra vitsivitsy amin'ny fisarihan'ny fanahy sy ny asany tsy misy ireo fitaovana ara-batana ireo ve ianao? ___________________________________________
________________________________________________________________________
________________________________________________________________________
________________________________________________________________________
________________________________________________________________________

# FIZARANA 6

Izao ary, avy amin'ny fahazoana ireo resadresaka tamin'ireo fizarana teo aloha, vakio ity andalana manaraka avy amin'ny Soratry Bahá'u'lláh ity:

**"Fantaro fa ny fanahin'olombelona dia nasandratra ho ambonin'ny fahalemen'ny vatana sy ny saina, amin'ny fahitana tanteraka ny fahaleovan-tena. Mazava fa ny olona marary dia manome fambarana fahalemena noho ireo sakana izay apetrak'ilay aretina eo amin'ny fanahiny sy ny vatany, satria ireo tsy fahatomombanana ara-pahasalaman'ny vatana dia tsy misy fiatraikany eo amin'ny fanahy. Heritrereto ho toy ny fahazavan'ny jiro. Ary koa ireo zavatra vitsivitsy izay afaka miteraka ny hazavany, io hazavana io dia mitohy mamiratra ary tsy very ireo heriny. Mitovy amin'izany koa, ireo aretina rehetra izay mampijaly ny vatan'olombelona dia vato misakana ny fanahy tsy haneho ireo**

**ireo fahefany izay tsy afa-misaraka aminy. Tsy miseho ao izy, ny fivoahany ny vatana, izay fahefana sy fisarihana tsy misy hery eto an-tany afaka ny hitovy aminy. Ny fanahy madio, mivoatra sy nohamasinina dia afaka noho izany hanana hery tsy hay tohaina sy ahafantatra ny hafalina tsy manam-paharoa."**[10]

1. Azavao amin'ny fomba fiteninao manokana hoe amin'ny fomba ahoana, ny fanahy dia tsy vaoakasik'ireo kileman'ny vatana sy ny saina, ary inona no ho hita miharihary mandritra ny fisarahany amin'ny vatana.

______________________________________________________________________

______________________________________________________________________

______________________________________________________________________

______________________________________________________________________

______________________________________________________________________

______________________________________________________________________

______________________________________________________________________

______________________________________________________________________

2. Mbola tazonintsika ve ireo maha-izy antsika aorian'ny fahafatesan'ny vatantsika? ___

______________________________________________________________________

## FIZARANA 7

Milaza amintsika i Bahá'u'lláh:

**"Ary ankehitriny, mahakasika ny fanontanianao momban'ny fanahin' olombelona sy ny fahavelomany aorian'ny fahafatesana. Fantaro marina tokoa fa ny fanahy, aorian'ny fisarahany amin'ny vatana dia mbola mitohy mivoatra, mandrapahatratrarany ny fanatrehana an'Andriamanitra, izany fivoarana izany dia ao amina toetra sy fepetra, izay na ny fivoaran'ny taona sy ny taonjato, na ny sendrasendra sy ny fiovaovana eto amin'ity tany ity aza dia tsy hampiova azy. Haharitra izy araka ny faharetan'ny Fanjakan'Andriamanitra, ny Fahefany sy ny Fiandrianany ary ny Fanapahany. Io fanahy io dia hampiseho ireo Famantarana sy ireo Fahatsaran'Andriamanitra ary haneho ny Halemem-panahiny feno fitiavana sy ny Hamoram-pony."**[11]

1. Mandrapahoviana no mitohy mivoatra ny fanahy aorian'ny fahafatesan'ny vatana?

______________________________________________________________________

2. Amin'ny fepetra manao ahoana no anohizan'ny fanahy ny lalam-pivoarany hizorany mandrakizay mankany amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra? ______________________

______________________________________________________________________

______________________________________________________________________

______________________________________________________________________

3. Inona ireo sasasntsasany amin’ny hatsarana sy ireo famantarana ny fanahy izay hasehony amin’io fepetra io? ______________________________________________
_____________________________________________________________________
_____________________________________________________________________

4. Avy amin’ireo vao nianarantsika teo ambony hatramin’izao, fantaro raha toa ka marina ny filazana manaraka eto ambany:

______ Ny Fanjakan’Andriamanitra dia haritra mandrakizay.

______ Ny fanahy dia manana fahafahana haneho ireo hatsaran’Andriamanitra.

______ Ireo vavaka ataontsika hoan’ny maty dia tsy hisy fiatraikany amin’ny fivoaran’ny fanahin’izy ireo.

______ Ny fanahy dia tsy hiato amin’ny fisiana mihintsy.

## FIZARANA 8

Nanambara i Bahá’u’lláh :

**“Fantaro fa ny sofina rehetra mihaino, raha toa izy ka madio sy tsy misy pentina, amin'ny fotoana rehetra, ary na aiza na aiza hiaviany dia tsy maintsy haheno ny feo izay manonona ireto teny masina ireto : ‘Marina tokoa, avy amin'Andriamanitra isika, ary any Aminy isika no mbola hiverina.’ Ny misiterin'ny fahafatesan'ny olona ara-nofo ary ny fiverenany dia mbola nafenina, ary mbola mijanona ho tsiambaratelo…**

**“Ny fahafatesana dia manolotra ho an’ny mpino mahatoky ny kapoaka izay, marina tokoa, fa ny tena fiainana. Manome ny hafaliana izy ary mitondra haravoana. Ny fahafatesana no manome ny fiainana mandrakizay.**

**“Ho an’ireo izay nanandrana ny voankazon'ny fisian'olombelona eto an-tany kosa, izay tsy inona fa ny fankasitrahana an'Andriamanitra tokana marina, asandratra anie ny Voninahiny, ny fiainan'izy ireo any an-koatra dia tsy ho haintsika faritana. Ny fahalalana an'izany dia voatokana ho an'Andriamanitra irery ihany, izay Tompon’ny tontolo rehetra.”[12]**

**“Ry zanaky ny Avo indrindra! Nataoko ho vaovao mahafaly ho anao ny fahafatesana, Nahoana no ory ianao? Nataoko ho fahazavana mba hampamirapiratra anao ny tarany, nahoana no misarona voaly eo anoloany ianao?”[13]**

1. Iza amin’ireto fanambarana manaraka ireto no marina:

______ Avy amin'Andriamanitra ny fanahin'ny olombelona ary mbola hiverina any Aminy.

______ Ny fahalalana rehetra momban’ny fiainana aorian’ny fahafatesana dia an’Andriamanitra.

______ Ho an'ny mpino marina, ny fahafatesana no tena fiainana marina.

______ Ny fahafatesana dia mitondra hafaliana.

______ Ny misiterin'ny fahafatesana dia fantatry ny rehetra.

______ Tsy tokony atahotra ny fahafatesana isika satria izy no mpitondra hafatry ny hafaliana.

______ Tsy zava-dehibe ho antsika ny fahafantarana ny mikasika ny fiainana aorian'ny fahafatesana.

